# Chili ! Chili ! Chili !
# Chili any Longaví !



Tamin'ny Avrily 2018, nanomboka ny fianarana ny psikôlojia ara-panahy izahay, vinavinan'ny Diôsezy mba hanomana anay hanampy ny marary, na olona niharan'ny loza voajanahary : horohoron-tany, hain-trano, toetr'andro ratsy …

Teo amin'ny olona 55 teo izahay no nanomboka an'izy io ary 43 no nahavita hatramin'ny farany. Olona mpahay psikôlojia miasa ao amin'ny Karitasy Linares no nampianatra anay. Fianarana tena nahaliana, nahatsapanay ny tena marina aminay, ny ratranay, ny mampaharefo ny tsirairay ; fotoana nianaranay hahafantatra ny tena, ary manandrana ny fahasitranana. Izaho manokana dia nahatsapa fa mitondra fery efa manolatra ary amin'izany dia afaka manompo bebe kokoa.

Nifarana tamin'ny Sabotsy 13 Aprily ny fianarana ary ny Alahady 14 Aprily 2019 ny fizarana ny mari-pahaizana ary fifampizarana tamim-pirahalahiana.Antenaina ny vinavina vaovao mifantoka amin'ny fampiharana an'izay norantovinay.

Hita fa tena nahakasika izay niainanay io fianarana io dia samy mahatsapa ny filàna te handalina ny fampiharana. Tena sambatra aho afaka nanaraka io fiofanana io.

Masera Nelly Sandoval



**Tena nahafaly ahy ny nahafahako nankalaza ny Herinandro Masina niaraka tamin'ny fivondronan'ny kristianina tao amin'i Md Sebastián de Paine (Longaví).**

**Nanao ny Làlan'ny hazofiajaliana izahay ny Zomà Masina nihira sy nandinika ny fijanonana tsirairay.**

**Masera Violette**







**Ny hafaliana mandray ny Tenin'Andriamanitra :**

**Tanora 8 avy amin'ny vondron'ny San Sebastián de Paine (any Longavi), taona voalohany miomana handray ny Sakramentan'ny Fankaherezana no nandray ny Testamenta Vaovao mba hanohy hahalala sy handalina ny Tenin'ny Tompo.**
**Nahazo zavatra maro avy amin'izy ireo koa aho nitantana azy amin'ny làlan'ny finoana.**

**Masera Violette**